# « M'aimes-tu ? »

Par Steven C. Barlow
*des soixante-dix*

# "Moa tia Ahy va ianao?"

Nataon'ny Loholona Steven C. Barlow
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

---

*Si nous voulons montrer notre amour à Dieu, nous devons comprendre comment il reconnaît cet amour.*

*Raha toa ka te haneho ny fitiavantsika an' Andriamanitra isika, dia tokony hahatakatra ny fomba hamantarany ny fitiavantsika.*

Dans la parabole du fils prodigue, nous lisons que le frère aîné a d'abord eu du mal à célébrer le retour de son frère cadet, qui rentrait au foyer après avoir fait de mauvais choix et « dissip[é] son bien en vivant dans la débauche». En raison de son orgueil et de sa suffisance, le frère aîné a été incapable d'accueillir avec joie le retour de son frère repentant. Nous aussi pouvons rater des occasions d'exprimer à nos êtres chers, par nos paroles et nos actions, que nous les aimons sincèrement.

Ao amin'ilay fanoharana momba ilay zanaka adala, dia sarotra tamin'ilay zokilahy tamin'ny voalohany ny hankalaza ny fiverenan'ny rahalahiny nody indray taorian'ny fotoana nanaovany safidy tsy dia tsara sy "nandan[iany] ny fananany tamin'ny fiveloman-dratsy".Nanakana ilay zokilahy tsy hianoka ny fifaliana entin'ny fodiana feno fibebahana nataon'ny rahalahiny ny avonavony sy ny fiheverany ny tenany ho marina. Isika koa dia mety hamotsitra ireo fahafahana hampiseho fitiavana rehefa tsy mamela ireo olona akaikin'ny fontsika hahafantatra, amin'ny alalan'ny tenintsika sy ny fihetsika ataontsika, ny amin'ny fitiavantsika marina azy ireo.

Dans les Écritures, nous trouvons beaucoup d'exemples puissants d'amour sincère offert et reçu : Naomi et Ruth, Ammon et le roi Lamoni, le fils prodigue et son père, le Sauveur et ses disciples.

Ahitana ohatra mahery vaika maro momba ny fitiavana tena marina nozaraina sy noraisina ao amin'ny soratra masina: Naomy sy Rota, Amôna sy Lamônia Mpanjaka, ilay zanaka adala sy ny rainy, ny Mpamonjy sy ireo mpianany.

Lorsque l'amour est offert librement et reçu sincèrement, il crée un cercle vertueux où le lien entre la personne qui l'offre et celle qui le reçoit s'intensifie.

Rehefa omena maimaimpoana sy raisina amin-kitsim-po ny fitiavana dia lasa misy hodina mahasoa vokatr'izany, miaraka amin'ny fitomboan'ny fitiavana, eo amin'ilay mpanolotra sy ilay omena.

L'amour de Dieu est parfait, infini, durableet « très doux». Il remplit l'âme d'une « joie extrêmement grande». Néanmoins, il nous est parfois difficile de reconnaître cet amour dans notre vie. Cependant, notre Père céleste, qui nous aime d'un amour parfait, désire profondément que nous le ressentions, c'est pourquoi, « il [nous] parle [pour que nous comprenions]». Ilexprimerason amour d'une manière que chacun d'en-

Tonga lafatra ny fitiavan' Andriamanitra, mandrakizay, maharitra,ary "tena mamy".Mameno ny fanahy amin'ny "fifaliana mitafotafo tokoa" izany.Na dia eo aza izany, indraindray dia mety ho sarotra amintsika ny mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Kanefa ny Raintsika any An-danitra be fitiavana izay tonga lafatra dia maniry lalina tokoa ny hahatsapantsika ny fitiavany izay "[teneniny] amin[tsika]

trenouspeutreconnaître. Nous pouvons ressentir l'amour de Dieu lorsque nous observons les beautés de la nature, lorsque nous recevons des réponses à nos prières, lorsque des pensées nous viennent à l'esprit au moment précis où nous en avons besoin ou lorsque nous vivons de beaux moments joyeux. La plus grande manifestation de l'amour de notre Père céleste pour nous, celle qui touche notre esprit et notre cœur, est celle d'avoir permis à son fils bien-aimé d'offrir sa vie comme rédempteur du monde.

Comme le frère aîné du fils prodigue, nous nous concentrons souvent sur nous-mêmes. Nous sommes si préoccupés à rechercher des preuves de l'amour de Dieu pournous, que nous ressentons de la frustration lorsque nous ne les voyons pas. Un beau paradoxe, toutefois, est que, plus nous nous appliquons àmontrer notreamour pour Dieu, plus il nous devient facile dereconnaître sonamour pour nous. C'est peut-être la raison pour laquelle, lorsque l'on a demandé au Sauveur « Quel est le plus grand commandement ? », il a répondu par cette invitation simple et importante : « Tu aimeras le Seigneur, ton Dieu, de tout ton cœur, de toute ton âme et de toute ta pensée. »

Il arrive parfois que la façon dont nous montrons notre amour aux personnes qui nous sont les plus chères ne soit pas nécessairement la façon dont elles reconnaissent l'amour. Cela peut être frustrant à la fois pour la personne qui donne et celle qui reçoit. Il peut être utile de demander aux personnes que nous aimons comment elles reconnaissent une expression d'amour. De même, si nous voulons montrer notre amour à Dieu, nous devons comprendre comment il le reconnaît. Heureusement, il a clairement souligné dans les Écritures plusieurs façons dont nous pouvons lui montrer notre amour.

## M'aimes-tu plus que ceux-ci ?

L'échange instructif entre Pierre et le Seigneur ressuscité sur les bords de la mer de Tibériade nous enseigne des moyens de montrer notre amour pour le Seigneur.

« Après qu'ils eurent mangé, Jésus dit à Simon Pierre, Simon, fils de Jonas, m'aimes-tu plus

araka ny … [fahatakarantsika izany]".Hanehoamintsika ny fitiavany antsika Izy amin'ny fomba izay hahafahantsikatsirairay avy mahafantatra izany. Mety hahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra antsika isika rehefa mandinika ny hakanton'ny zava-boahary, na mandray valim-bavaka, na misy eritreritra tonga ao an-tsaintsika amin'ny fotoana tena ilantsika izany, na miaina fotoam-pahasambarana tena mamy. Ny porofom-pitiavana lehibe indrindra avy amin'ny Ray any an-danitra antsika izay manenika ny saina sy ny fo dia ny namelany ny Zanakalahy malalany hanolotra ny Tenany ho ilay sorona.

Toa ny zokin'ilay zanaka adala, dia matetika isika no mifantoka amin'ny tenantsika ihany. Somokotra loatra isika hitady porofon'ny fitiavan' Andriamanitraantsikaka lasa sorena rehefa tsy mahita izany. Saingy ny zavatra toa tsy mitombina mihitsy kanefa tena mahavariana dia ny hoe arakaraka ny hifantohantsika amin'nyfanehoanafitiavana ho an' Andriamanitra, no hahamora kokoa nyhahatsapantsikany fitiavany antsika. Izany angamba no antony namalian'ny Mpamonjy an'ilay fanontaniana hoe "Inona no didy lehibe indrindra?" tamin'ity fanasana tsotra sy manan-danja ity: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra."

Indraindray ny fomba anehoantsika ny fitiavantsika ireo olona tena akaikin'ny fontsika dia tsy voatery ho ilay fomba hahatsapan'izy ireo fitiavana. Mety hahasorena izany na ho an'ny mpanome na ho an'ny mpandray. Mety hanampy ny manontany ireo olona tiantsika ny fomba hahatsapan'izy ireo fa misy ny fanehoam-pitiavana. Torak'izany koa, raha toa ka te haneho ny fitiavantsika an' Andriamanitra isika, dia tokony hahatakatra ny fomba hamantarany ny fitiavantsika. Soa ihany fa efa nosoritany mazava ao amin'ny soratra masina ny fomba vitsivitsy hahafahantsika maneho ny fitiavantsika Azy.

## Moa ny fitiavanao Ahy mihoatra noho ny fitiavan'ireto?

Tao amin'ny resadresaka mifono fampianarana nataon'i Petera tamin'ny Tompo efa nintsangana tamin'ny maty teo amin'ny Ranomasina Tiberiasy, dia mianatra fomba hahafahantsika maneho ny fitiavantsika ho an'ny Tompo isika.

"Hoy Jesoa tamin'i Simona Petera: Simona, zanak'i Jaona, moa ny fitiavanao Ahy mihoatra

que ceux-ci ? Il lui répondit : Oui, Seigneur, tu sais que je t'aime. »

Dans cette demande du Seigneur, la question centrale est : « M'aimes-tuplusqueceux-ci? » Nous montrons notre amour envers le Seigneur lorsque nous le plaçons au-dessus de « ceux-ci » et « ceux-ci » peuvent être toute personne, toute activité ou quoi que ce soit qui remplace le Seigneur comme influence la plus importante dans notre vie.

Il n'y aura jamais assez de temps dans une journée, une semaine, un mois ou une année pour accomplir tout ce que nous désirons ou devons faire. Une partie de l'épreuve de la condition mortelle consiste à utiliser notre précieux temps pour ce qui est le plus important pour notre bien éternel et d'abandonner les choses qui sont moins importantes.

Russell M. Nelson a dit : « La question qui se pose à chacun de nous […] est la même. […] Êtes-vousdisposés à laisser Dieu être l'influence la plus importante dans votre vie ? Permettrez-vous à ses paroles, ses commandements et ses alliances d'influer sur ce que vous faites chaque jour ? Permettrez-vous à sa voix d'avoir la priorité sur toutes les autres ? Êtes-vousdisposésà laisser toutes vos autres ambitions de côté et à donner la préséance à tout ce qu'il a besoin que vous fassiez ? Êtes-vousdisposésà ce que votre volonté soit engloutie dans la sienne? » Nous montrons notre engagement de disciple et notre amour pour Dieu quand nous lui donnons la priorité absolue.

## Fais paître mes brebis

Dans le verset suivant de cette même discussion entre Pierre et le Sauveur, nous apprenons une autre façon par laquelle le Seigneur reconnaît l'expression de notre amour : « [Le Seigneur] lui dit une seconde fois : Simon, fils de Jonas, m'aimes-tu ? Pierre lui répondit : Oui, Seigneur, tu sais que je t'aime. Jésus lui dit : Fais paître mes brebis. »

Nous montrons notre amour pour notre Père céleste lorsque nous servons, écoutons, aimons ou édifions ses enfants. Ce service peut simplement consister àregarderveritablement les personnes sans jugement. Lasection 76 des Doctrine et Alliancesnous donne un important

noho ny fitiavan'ireto? Dia hoy izy taminy: Eny, Tompoko; fantatrao fa tia Anao aho".

Ny fanontaniana manan-danja eto amin'ity fanontaniana napetraky ny Tompo ity dia ny hoe "Moa ny fitiavanao Ahymihoatranohony fitiavan'ireto?" Mampiseho ny fitiavantsika ho an'ny Tompo isika rehefa mametraka Azy ho ambonin'ireo "ireto," ary ny hoe "ireto" dia mety ho olona, na zavatra atao, na izay rehetra manaisotra Azy ho tsy ilay hery mitarika manan-danja indrindra eo amin'ny fiainantsika.

Tsy ho ampy na oviana na oviana ny fotoana ao anatin'ny andro iray, herinandro iray, volana iray, na taona iray hahavitana ny zavatra rehetra tiantsika na ilaintsika vitaina. Isan'ny fitsapan'ny fiainana an-tany ny fampiasana ny fotoana izay fananana sarobidy ho antsika, amin'ireo zavatra manan-danja indrindra ho an'ny mandrakizaintsika ary ny mandao ireo zavatra izay tsy dia manan-danja firy.

Hoy ny Filoha Russell M. Nelson: "Mitovy … ny fanontaniana ho antsika tsirairay,. … Vonona veianaohamela an' Andriamanitra ho ny hery mitaona anao indrindra eo amin'ny fiainanao? Moa ve ianao hamela ny teniny sy ny didiny ary ny fanekempihavanany hitarika ny zavatra ataonao isan'andro? Moa ve havelanao ho lohalaharana amin'ny zavatra hafa rehetra ny feony?Vononave ianao hamela izay rehetra ilainy ataonao ho lohalaharana mihoatra ny fanirianao hafa rehetra?Vononave ianao hanao izay hampandefitra ny sitraponao eo anoloan'ny sitrapony?"Mampiseho ny maha mpianatry ny Tompo sy ny fitiavantsika an' Andriamanitra isika rehefa mametraka Azy ho lohalaharana eo amin'ny fiainantsika.

## Fahano ny ondriko

Ao amin'ny andininy manaraka amin'ilay resadresaka nifanaovan'i Petera tamin'ny Mpamonjy io ihany, dia mianatra fomba iray hafa hamantaran'ny Tompo ny fanehoam-pitiavantsika isika: "Hoy indray [ny Tompo] taminy fanindroany, Simona, zanak'i Jaona, moa tia Ahy va ianao? Dia hoy Izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy: Andraso ary ny ondriko".

Mampiseho ny fitiavantsika ny Ray any An-danitra isika rehefa manolotra asa fanompoana, mihaino, mitia, na manompo ireo zanany.Mety ho faran'izay tsotra izany toa ny hoe tenamijeryny hafa amin'ny fomba tsy misy fitsaratsarana. Ao amin'nyfizarana 76 ao amin'ny

aperçu de la nature de ceux qui hériteront d'une gloire céleste : « Ils voient comme ils sont vus, et ils connaissent comme ils sont connus. » Ils voient les gens comme Dieu les voit et lui les voit tels qu'ils peuvent devenir, avec un glorieux potentiel divin.

Après mon retour de mission, j'ai repris l'entreprise d'entretien de pelouses que mes frères et moi avions lancée lorsque nous étions adolescents. J'étais également très occupé par mes études universitaires. Une semaine de printemps, en raison d'une pluie abondante et des examens finaux qui approchaient, j'étais dépassé et j'avais pris du retard sur mes engagements professionnels.

Au milieu de la semaine, le ciel s'est dégagé et j'ai donc prévu de rattraper mon travail d'entretien de pelouses après les cours. Cependant, en arrivant chez moi, j'ai constaté que mon camion et mon équipement avaient disparu. Intrigué, je me suis rendu dans les jardins dont je devais m'occuper. Dans chacun d'eux, la pelouse avait déjà été soigneusement tondue. Dans le dernier jardin de la liste, j'ai aperçu mon frère cadet qui passait la tondeuse. Il m'a vu, m'a souri et m'a salué de la main. Submergé par la reconnaissance, je l'ai pris dans mes bras et je l'ai remercié. Son acte de service bienveillant a profondément renforcé mon amour et ma loyauté à son égard. Nous servir mutuellement est une façon indéniable de montrer notre amour pour Dieu et son fils bien-aimé.

## Confessez sa main en toutes choses

Nous manifestons aussi notre amour pour Dieu en ayant le cœur reconnaissant. Le Seigneur a dit : « Et il n'y a rien qui offense autant Dieu […] que ceux qui ne confessent pas sa main en toutes choses. » Nous montrons notre amour pour Dieu en reconnaissant qu'il est la source de toutes bonnes choses dans notre vie.

Lorsque nous avons lancé une entreprise, mon associé et moi faisions une prière sincère

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, dia mahazo santionany amin'ny toetran'ireo izay handova voninahitra selestialy isika: "Mahita izy ireo tahaka ny ahitana azy ireo, ary mahafantatra izy ireo tahaka ny ahafantarana azy ireo".Mahita ny hafa tahaka ny ahitan' Andriamanitra ny hafa izy ireo, ary Izy dia mahita ny mety hahatongavan'izy ireo, dia ny fananan'izy ireo fahafahana masina sy feno voninahitra ho tonga tahaka an' Andriamanitra izany.

Rehefa nody aho taorian'ny asa fitoriana ny filazantsara, dia nandray an-tanana ny orinasa fikolokoloana bozaka izay natsangako niaraka tamin'ny rahalahiko fony izahay zatovo. Nameno ny fotoanako ihany koa ny fianarana nataoko tany amin'ny anjerimanontolo . Indray herinandro izay tamin'ny vanim-potoana lohataona, dia tototra tanteraka aho ary taraiky tamin'ny asa fikolokoloana bozaka noho ny orana nikija sy ny fanadinana farany izay efa nananotanona.

Nisava ny lanitra teny antenantenan'ny herinandro, ary nikasa hamita ireo asa fikolokoloana bozaka aho aorian'ny fotoam-pianarana. Saingy rehefa tonga tany an-trano aho dia tsy teo intsony ny fiarako sy ny fitaovako. Liana sy gaga aho ka nitsidika ireo zaridaina noeritreretina hokarakaraina; samy efa voahety tsara avokoa ny tsirairay avy tamin'izy ireo. Rehefa tonga teo amin'ilay tokontany farany indrindra tokony hokarakaraina aho, dia nahatazana ny zandriko lahy teo ambadik'ilay milina fanetezam-bozaka. Hitany aho, nitsiky izy, ary nikopakopa-tanana. Heniky ny fankasitrahana aho, namihina azy ary nisaotra azy. Ny asa fanompoana tena nahasoa sy nilaina nataony dia nampatanjaka lalina ny fitiavako sy ny fahatokiako azy. Ny fifanompoana dia fomba miharihary iray anehoantsika ny fitiavantsika an' Andriamanitra sy ny Zanakalahy Malalany.

## Miaiky ny tanany amin'ny zavatra rehetra

Maneho ny fitiavantsika an' Andriamanitra koa isika amin'ny alalan'ny fananana fo mahay mankasitraka. Hoy ny Tompo, "Ary tsy misy na inona na inona ataon'ny olona ka manafitohina an' Andriamanitra, … afa-tsy ireo izay tsy miaiky ny tanany amin'ny zava-drehetra".Maneho ny fitiavantsika an' Andriamanitra isika amin'ny fanekena Azy ho ny loharanon'ny zavatra tsara rehetra eo amin'ny fiainantsika.

Raha vao nanangana orinasa aho, dia mivavaka amin-kitsim-po izaho sy ny mpi-

avant les réunions importantes pour demander l'aide de notre Père céleste. Chaque fois, Dieu répondait à nos prières et nos réunions se déroulaient bien. Après l'une de ces réunions, mon associé m'a fait remarquer que nous étions prompts à demander de l'aide, mais lents à remercier. À partir de ce jour-là, nous avons pris l'habitude d'offrir des prières de gratitude sincères, reconnaissant la main du Seigneur dans nos réussites. Nous montrons notre amour pour Dieu par « une attitude reconnaissante».

ara-miombon'antoka amiko mialoha ireo fivoriana manan-danja, angataka ny fanampian'ny Ray any An-danitra. Namaly ombieny ombieny ny vavakay Andriamanitra, ary nizotra tsara ny fivorianay. Taorian'ny fivoriana iray dia nohamarinin'ilay mpiara-miombon'antoka amiko fa mailaka ery izahay hangataka fanampiana saingy miadana loatra raha hanolotra fisaorana. Nanomboka tamin'izay dia nataonay fahazarana ny manolotra vavaka amin-kitsim-po fanehoana fankasitrahana, miaiky ny tanan'ny Tompo noho ny fahombiazanay. Mampiseho ny fitiavantsika an' Andriamanitra miaraka amin'ny "fihetsika mankasitraka" isika.

## Si vous m'aimez, gardez mes commandements

Une autre façon de montrer notre amour pour notre Père céleste et son fils bien-aimé est de choisir de leur obéir. Le Sauveur a dit : « Si vous m'aimez, gardez mes commandements. » Il ne s'agit pas d'une obéissance aveugle ou imposée, mais d'une expression d'amour sincère et volontaire. Notre Père céleste désire que nouschoisissionsd'être obéissants. Tamara W. Runia appelle cela « obéir par affection ». Elle a dit : « Même si nous n'obéissons pasencored'une manière parfaite, nous nous efforçons d'obéir par affectionmaintenant, en choisissant de rester, encore et encore, parce que nous l'aimons. »

Notre Père céleste nous a donné le libre arbitre pour nous inspirer le désir de le choisirvolontairement. Son œuvre et sa gloire ne sont pas seulement de réaliser la vie éternelle de l'homme; elles impliquent aussi l'espoir que notre plus grand désir soit de retourner à lui. Cependant, il ne nous forcera jamais à obéir. Dans le cantique « Sachez que chacun peut choisir », nous chantons :

Il choisira, il bénira,
Avec amour dirigera,

Et montrera le bon chemin,
Mais sans forcer l'esprit humain.

En tant que dirigeants de mission, mon épouse, Christina, et moi avons été inspirés par de nombreux missionnaires qui ont choisi d'être obéissants, pas seulement parce que c'était une règle missionnaire, mais parce qu'ils voulaient

## Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko

Fomba iray hafa hampisehoantsika ny fitiavantsika ny Ray any An-danitra sy ny Zanakalahiny Malala ny misafidy ny hankatò Azy Ireo. Nilaza ny Mpamonjy hoe: "Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko".Io karazana fankatoavana io dia sady tsy hoentina an-jambany no tsy raisina an-teriterena fa fanehoam-pitiavana tena marina sy amin-kitsim-po kosa. Tian'ny Ray any An-danitra isikahaniryny ho mpankatò. Antsoin'ny Rahavavy Tamara W. Runia hoe "[m]ankatò [a]mim-pitiavana" izany. Hoy izy, "Na dia tsy lavorary aza ny fankatoavantsikaankehitriny, dia miezaka mankatò amim-pitiavana isikaankehitriny, misafidy ny hijanona, ombieny ombieny, satria tiantsika Izy".

Nomen'ny Ray any An-danitra fahafahana misafidy isika hanentanana antsikahaniryny hisafidy Azy.Ny asa sy voninahiny dia tsy ny hanatanteraka ny fiainana mandrakizaintsika fotsiny ihanyfa tafiditra ao anatin'izany koa ny fanantenany ny mba haniriantsika lehibe tokoa hiverina any Aminy indray. Tsy hanery antsika velively anefa Izy mba hankatò. Ao amin'ilay hira ao amin'ny fihirana hoe "Sachez que chacun peut choisir" dia mihira isika hoe:

Hiantso sy handresy lahatra ary hanoro Izy,
Hanome fahendrena sy fitiavana ary fahazavana,
Aoka ho tsara toetra sy tsara fanahy hatrany,
Saingy tsy hanery na oviana na oviana.

Fony izaho sy i Christina vadiko mpitarika misiôna, dia misiônera marobe no nanentana ny fanahinay raha nisafidy ny hankatò izy ireo, tsy hoe noho ny fenitra arahin'ny misiônera fotsiny ihany, fa noho izy ireo naniry ny hampiseho ny

montrer leur amour pour le Seigneur en choisissant humblement de le représenter.

Dale G. Renlund a expliqué : « En tant que parent, le but de notre Père céleste n'est pas que ses enfantsfassentce qui est juste, mais qu'ilschoisissentde faire ce qui est juste et deviennent un jour comme lui. S'il voulait simplement que nous soyons obéissants, il se servirait de récompenses et de punitions pour influer sur notre comportement. » Nous montrons notre amour pour Dieu lorsque nous choisissons de lui obéir et de le suivre.

Notre Père céleste et notre Sauveur reconnaissent l'expression de notre amour pour eux lorsque nous les plaçons au premier plan dans notre vie, lorsque nous nous servons mutuellement, lorsque nous reconnaissons avec gratitude toutes les bénédictions qu'ils nous accordent, et lorsque nous choisissons de leur obéir et de les suivre.

Je témoigne que chacun de nous est vraiment un enfant de Dieuet que son amour pour nous est parfait. Je témoigne qu'il aspire à ce que nous ressentions son amour par des moyens que nous pouvons reconnaître et comprendre. Et le merveilleux paradoxe, c'est que nous ressentirons son amour pour nous encore plus intensément en montrant notre amour pour lui. Au nom de Jésus-Christ. Amen.

fitiavan'izy ireo ny Tompo ihany koa amin'ny alalan'ny fisafidianana amim-panetrentena ny hisolo tena Azy.

Nilaza ny Loholona Dale G. Renlund hoe: "Ny tanjon'ny Raintsika any An-danitra eo amin'ny fitaizana dia tsy ny hanao izay hahatonga ireo zananyhanaony marina; fa ny hanao izay hahatonga ireo zananyhisafidyny hanao ny marina ary ho tonga tahaka Azy amin'ny farany. Raha izay hahatonga antsika hankatò fotsiny no tiany, dia ho nampiasa valisoa sy sazy mihatra eo no ho eo Izy mba hanovana ny fihetsitsika".Mampiseho ny fitiavantsika an' Andriamanitra isika rehefa misafidy ny hankatò sy hanaraka Azy.

Mahatsapa ny fanehoam-pitiavantsika Azy Ireo ny Raintsika any An-danitra sy ny Mpamonjy antsika rehefa mametraka Azy Ireo ho loharana eo amin'ny fiainantsika isika, mifanompo, miaiky amim-pankasitrahana ny fitahiana tsirairay avy avy amin' Izy Ireo, ary misafidy ny hankatò sy hanaraka Azy Ireo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa isika tsirairay avy dia zanak' Andriamanitra tokoaary tia antsika tanteraka Izy.Mijoro ho vavolombelona aho fa mangetaheta ny hiainantsika ny fitiavany amin'ny fomba tsapantsika sy takatsika Izy. Ary ny zavatra roa mifanipaka kanefa toa miaraka amin'ny fomba kanto dia ny hoe vao mainka aza isika hahatsapa lalina kokoa ny fitiavany antsika rehefa maneho ny fitiavantsika Azy.Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.